No. 23, mars 2020


# Jésus Vivant en Marie

Teny Malagasy

*Bulletin Mensuel de Formation et d'Information - Association Marie Reine des Coeurs*



## Taona Kaontinantaly Eoropeana & Covid-19



Fanazavana ara-baiboly

# “Ato anaty hantsana ao no miantso Anao, ry Tompo”

Par Pierrette MAIGNÉ

**Salamo 129**

***Fa ny fitiavana no ao amin'ny Tompo;***
***ao aminy no misy fanavotana mihoa-pampana.***

Ato anaty hatsana aho no miantso Anao ry
Tompo, Henoy ny feoko , Tompo ô;
Aoka ho tandrin'ny sofinao anie
ny feon'ny fivavahako!

Raha mitsiko heloka Ianao, ry Tompo,
iza no haharitra, Tompo ô?
Fa ao aminao ny famelan-keloka,
mba hanajan'ny olona Anao.

Manantena aho, ry Tompo,
manantena amin'ny fanahiko
manontolo aho,
ary miandry ny teniny.

Fa Fitiavana no ao amin'ny Tompo,
ao aminy no misy fanavotana mihoa-pampana.
Iza no hanavotra ny vahoaka Israely
amin'ny heloka rehetra vitany

Ity Salamo dia ampiasain'ireo rahalahitsika Jody mandritra ny fotoana fivalozana iraisana.




Ny hantsana izay resahin'ny mpanao Salamo eto dia anaty rano: mariky ny fahantrana, fitsapana, ary fankahalana izay hilomanosantsika.

Ny antson'ny mpanao salamo dia fitalaona famonjena fa indrindra antson-panantenana makany amin'Andriamanitra, ao anatin'ny fahoriana ny mpanao salamo miantso Andriamanitra izay mihaino azy.



Tsy mivantana fa miaiky ny mpanao Salamo hoe mpanota saingy manana fahatokisana an'Andriamanitra izy izay iandrasany famelan-keloka.
Tsy misy olona marina eo anatrehan'Andriamanitra saingy izay olona mino ny famindram-po Andriamanitra izay no mahatonga azy mitodika any Aminy anaty fahatokisana Azy. Mba ho voavela heloka , mila mahatsapa fa mila famelan-keloka; tsy fahatahorana an'Andriamanitra- izay tsy tokony afangaro amin'ny tahotra fa toe po feno fanajana tanteraka manoloana ny fahalebeazan'Andriamanitra – raha tsy eo ny fahatahorana an'Andriamanitra dia tsy misy dikany ny fahotana sy famelana. Ny fahatahorana an'Andriamanitra izay loharan'ny finoana sy fahatokisana.
Ny fanantenana voalazan'ity salamo ity: fanantenana mafy orina satria mahazo antoka amin'ny tsy fivadihan'Andriamanitra; raha mora mivadika ny olona, Andriamanitra kosa mitàna lalandava ireo fampanantenana nomeny ary tsy mikendry zavatra hafa ankoatr'izay tsara ho an'ireo noforoniny araka ny ny Endriny.





Ny mpanao salamo manantena an'Andriamanitra sahala an'ireo fahavalony manantena ny handrapaka azy. Ity fanantenana ity dia fiandrasana feno faharetana, fahatokisana ary mandrakizay mifantoka tanteraka amin'Andriamanitra, ny fitiavaNy ary ny teniNy. Fantany fa mampiseho aminy ny fitiavany Andriamanitra ary mitondra fanafahana, famonjena izay nampanantenaiNy.Noho izany manolotra ny tenany manontolo amin'Andriamanitra izy. Ny olona anaty hantsana lalina lasa mpiandry. Sahala aminy ireo mpino, mpiandry, izay mametraka ny fahatokisany tanteraka amin'Andriamanitra ary amin'Andriamanitra irery no itokiany.

Ny fanafahana sady fandrosoana manoloana ny fahoriana sy famelana ny fahotana, satria Andriamanitra no manome fahasoavana, izay no hafatra ambaran'ity salamo ity.

Finoana, fahatokisana, Fanantenana, fiandrasana feno toky, antoka fa Andriamanitra dia Fitiavana sy famindram-po, izay no tokony toe-po hanentanan'ity salamo ity antsika.

Noho izany, Eny, manao ahoana ny vesatra, mahaketraka antsika afaka mitraka foana isika satria Andriamanitra dia FITIAVANA SY FAMELANA ■



**“”Ity fanantenana ity dia fiandrasana feno faharetana , fahatokisana ary mandrakizay mifantoka tanteraka amin'Andriamanitra, ny fitiavaNy ary ny teniNy.**

# «Nahoana no saro-tahotra ianareo?»

## Taona Kaontinantaly Eoropeana

## & Covid-19

Miaraka amin'I Dola Dhanush




**Fa Jesoa kosa natory tao am-body sambo kely tambonin'ny ondana, ka nofohazin'izy ireo Izy nilazany hoe: Ry Mpampianatra ô! Tsy mampaninona Anao va raha maty izahay?**

## EVANJELIN'I MD MARKA 4, 35-41

35- Androtr'izay ihany, nony hariva ny andro, dia hoy Izy tamin'ny mpianany: "andeha isika hita ho eny an-dafin'ny rano". 36- Dia nilaozan'izy ireo teo ny olona ka nentiny tamin'izao tao an-tsambon-kely I Jesoa, ary nisy sambo kely maromaro niaraka taminy. 37- Ary nisy tafio-drivotra mahery nampisavoana ny onjan-drano hatrany anaty sambo kely, ka efa nihafeno rano izy. 38- Fa Jesoa kosa natory tao am-body sambo kely tambonin'ny ondana, ka nofohazin'izy ireo Izy nilazany hoe: Ry Mpampianatra ô! Tsy mampaninona Anao va raha maty izahay? 39-Dia nifoha Izy ka niteny mafy ny rivotra, ary nilaza tamin'ny ranomasina hoe: mangina, mitonia! Dia nitsahatra ny rivotra ary nitony dia nitony ny andro. 40- Ary hoy Jesoa tamin'izy ireo: "nahoana no saro-tahotra ianareo? Tsy mbola manam-pinoana ihany va ianareo?" 41- Ary natahotra dia natahotra izy ireo ka nifampilaza hoe: "Iza moa io, fa ny rivotra sy ny ranomasina avy no manaiky azy?"



"" Raha ny mahakasika ny fisiana sy ny irak'ireo Montfortana ao amin'io "Kaontinanta manga" io, dia azo lazaina fa efa mipetrapetraka amin'ny toerany avokoa,.... Saingy tonga ny tafiotra.



Natomboka ny faha-31 Janoary 2020 ny taona Kaontinantaly Eoropeana. Mandritra io taona io, ny andrandrain'ireo Misioneran'ny "Compagnie de Marie" sy ireo Lahika Mpikambana dia ny hizotra any amin'io Kaontinanta io, i Eoropa. Asa fikatrohana sy finiavana isan-karazany no noeritreretina tamim-pikolokoloana fatratra, ary tetiandrom-pikarohana maro samihafa ihany koa no nomanina. Raha ny mahakasika ny fisiana sy ny irak'ireo Montfortana ao amin'io "Kaontinanta manga" io, dia azo lazaina fa efa mipetrapetraka amin'ny toerany avokoa, mba hitrandrahana fahafahana vaovao izay feno fanantenana. Saingy tonga ny tafiotra.

Niseho tampoka ny valan'aretina Covid-19, ary nipariitaka farak'izay haingana amina firenena maro amin'io kaontinanta io, izany no manery anay, ao anatin'ny fotoana voafetra, hanafoana ny fametrahana ireo asa fikatrohana vitsivitsy mandritra ity taona Kaontinantaly ity. Maro ireo tratran'ny aretina no mamoy ny ainy. Mihamahery vaika kosa ny toe-draharaha any amin'ny firenena maro hafa. Ary satria, tsy milaza amintsika mazava hoe amin'ny oviana vao hitsahatra ity fahavalo "tsy hita maso ity", ny toerana misy antsika amin'ny lafiny rehetra dia ny "miandry sy mijery" fotsiny mandritra ny fotoana vitsivitsy.

Azo heverina ho toy ny tafiotra mifofofofo ity valan'aretina ity, araka izay ambaran'ny Evanjelin'I Md Marka etsy ambony. Araka ny fantatsika, ao amin'ny Evanjely, ny rivotra mifofofofo sy ny onja mahery vaika dia mampatahotra ny sambokelin'ireo Mpianatra. Mahatsapa ho resy ireo Mpianatra, satria zary nandamoaka avokoa ireo ezaka rehetra natao. Na dia miteraka firaisankina erak'izao tontolo izao aza ny ankabeazan'ny takaitra naterak'ity valan'aretina ity, ny fisiany dia somary manohatohana ny toe-karen'ny firenena maro. Betsaka ireo olona no lasa mahantra, nohon'ny fahaverezan'asa. Raha jerena ivelany ity Covid-19 ity dia hampianatra antsika fa tsy ilaina ny manantena. Amin'izao toe-draharaha izao dia afaka mampiaka-peo fanairana miaraka amin'I Montfort isika hoe: "doroy, doroy, doroy! Vonjeo, vonjeo, vonjeo e! Antso vonjin'ny rahalahintsika misy mamono, antso vonjin'ireo zanatsika misy manakenda, antso vonjin'ny raintsika mendrika misy manindrona antsy". (PE28).

Ny tafiotra izay iainantsika amin'izao fotoana izao dia tsy azo lazaina ho Covid-19 fotsiny fa tafiotran-tsoatoavina eo amin'ny kolontsaintsika ihany koa izay tsy mitondra ny zanak'olombelona any amin'ny hoavy mamirapiratra feno fahasambarana.

Naniry hanana misionera "feno afo" (PE17) ho an'ny Eglizy I Montfort, saingy afaka mahatsapa tena ho malemy isika satria tsy fantantsika intsony hoe ahoana no hanaparitahana ireo "lelan'afo" izay manafana ny fanahintsika, amin'ireo olona feno fangatsiahana. Ary tsy azo heverina ho tsy mitombina fa ireo "lelan'afo" izay mampihovitra na nampiredareda ny fanahintsika hanaraka an'I Kristy tamim-pomba lalina sy feno fitiavana, mba ho tena vavolombelona mpamorona marina ny Vaovao Mahafaly eto amin'ny Kaontinantantsika - manomboka mihamanjavona na mihamalemy vokatrin'ny fisainana samy maka ho azy, ny fanindrahindrana ny maha-lahika sy ny fanompoan-karena. Zava-dehibe kokoa noho ny fahaizantsika ireo fanamby ara-kolontsaina ireo ary tena matanjaka mba ho afaka hiditra sy hitarika antsika. Lasa marina sy mifandraika tsara ireo fanamarihana nataon'I Mompera avy any Montfort, raha nilaza tamin'ny Ray izy tao amin'ny vavaka nataony manao hoe: "voahosihosy ny lalànao masina, tsy noraharahina ny Evanjelinao, manondraka ny tany tontolo ny riakan'ny tsy fahamarinana ary miitatra hatrany amin'ireo mpanomponao, mampalahelo ny tany tontolo…." (PE5).

**"doroy, doroy, doroy!**
**Vonjeo, vonjeo, vonjeo e!**





Vao maika loza! Mahatsapa ve isika amin'izao fotoana izao fa matory I Jesoa? Matory Izy izao, mandritry ny tafiotra izay mifaoka ny Eglizy sy izao tontolo izao, amin'izao fotoana izao! Mifanohitra amin'izany anefa, fantatsika fa ny torimason'I Jesoa dia torimaso feno fahatongavan-tsaina izay mandrindra mandrakariva ny zava-drehetra; ao anatin'izany ny kolontsaina sy ny toe-tsain'ny olona rehetra eto amin'ny Kaontinantantsika. Noho izany, fotoana izao hiantsoantsika miaraka amin'I Montfort hoe: "Tompo ô, mifohaza Ianao! Fa maninona no toa matory Ianao? Mifohaza amin-kerinao tontolo, amin'ny famindram-ponao ary amin'ny fahamarinanao..." (PE30). Ny toe-tsaina voizin'ny "Vavaka Mivaivay" nosoratan'I Montfort dia toa mifanaraka amin'ny vakiteny lazain'ny Evanjelin'I Md Marka etsy ambony: misy fahatsapana vonjy taitra, eny krizy ihany koa, izay mifandraika amin'ny fiainantsika sy ny fahafatesantsika ary manery antsika hamoha an'I Jesoa izay toa matory. Ao amin'ny Evanjely, dia toa manome tsiny an'ireo mpianatra izay namoha Azy I Jesoa. Ho an'I Jesoa dia fanehoana ny tsy fahampian'ny finoana Azy ao amin'izy ireo izany. Hoy I Jesoa: "Nahoana no saro-tahotra ianareo? Mbola tsy manam-pinoana ihany va ianareo?" Te hiteny I Jesoa fa na dia tsy namoha Azy aza, dia tsy ho tonga amin'izy ireo izany ny loza, satria niondrana niaraka tamin'izy ireo I Jesoa.

**« "Tompo ô, mifohaza Ianao! Fa maninona no toa matory Ianao?»**



Tokony hampitahantsika amin'ny fanoharana momba "Ilay sakaizan'ny alina" ao amin'ny Evanjelin'I Md Lioka 11,5-8, izay miresaka ny maha-zava-dehibe ny fikirizana amin'ny fitalahoana sarotra. Mila mivavaka "tsy ankiato isika". Eo ihany koa ny fanoharana momba "ilay vehivavy mpitondratena nampijaliana"ao amin'ny Evanjelin'I Md Lioka 18, 1-8. Amin'ity fanoharana ity, ilay mpitsara tsy azo ihodivirana dia nantsoin'ity mpitondratena ity imbetsaka mba hanome rariny azy. Tamin'ny voalohany dia tsy noraharahin'ilay mpitsara ny fangatahany, saingy tamin'ny farany, nanaiky nihaino ny tolokony ihany izy, noho izy nisisika. Tokony hamoha an'I Jesoa isika satria Izy irery ihany no afaka hanavotra ny zanak'olombelona amin'ireo hery mpanimba sy mampihorohoro ireo. Sady tsy fanehoana ny finoana Azy koa ve moa anefa izany e? Tao an-tsambo dia tsy afaka nanao inona Izy; toa sahala amin'ny matory. Na dia efa voaavotra aza isika, kanefa tena matory marina Izy, dia tsy aleontsika avotra amin'ny famohazana Azy na inona na inona teny marary ataony antsika toy ny hoe: "olona kely finoana". Ny heverina ho zava-dehibe indrindra dia ny fanontanian'I Jesoa hoe: "Nahoana no saro-tahotra ianareo?". Azo heverina fa raha mamoha an'I Jesoa noho ny tahotra mahazo antsika isika dia tena marina fa fanehoana ny tsy fahampian'ny finoana izany. Ny mpino dia tokony tsy hanana tahotra na hivarahontsana na oviana na oviana. Izany no antony itenenan'I Jesoa hoe: "Nahoana no saro-tahotra ianareo?". Saingy raha namoha an'I Jesoa amin'ny "fanantenana" ho valim-bavaka, tahaka ny voalaza tanteraka ao amin'ireo fanoharana mifandraika amin'ilay "sakaizan'ny alina" sy ilay "mpitondratena voaheloka" ao amin'ny Evanjelin'I Md Lioka, araka izany dia tsy fanehoana tsy fahampian'ny finoana intsony izany. Ny mpino noho izany dia tokony hanantena ihany koa!

Miara-dalana ny finoana sy ny fanantenana! Ny fanantenana dia tsy hampatahotra antsika fa kosa hameno fitokisana antsika an'I Jesoa izay miasa ara-potoana. I Jesoa ihany no tonga fanantenana, Izy no fanantenantsika.
Ao amin'ny Tononkira faha-7 mitondra ny lohateny hoe: NY HAMAFISAN'NY FANANTENANA dia milaza I Montfort fa:
"Izaho io vatofantsika mafy orina sy tsy mihetsiketsika io
Izay mamikitra ny fihozohozoana,
Ilay tohana tsy azo hozongozonina
Izay manohana ny fahamasinana rehetra" (2)
"Manova ny fanahy iray ho tsy azo hozongozonina aho
sahala amina tilikambo, sahala amin'ny vatolampy
Ny fahavalo masiaka indrindra
Tsy afaka ny handrodana azy" (13)


Ny fanantenana ao amin'I Jesoa anie ho vatofantsika mafy orina hiaro ny sambom-piainantsika amin'ny fotoanan'ny tafiotra. Mbola milaza I Montfort ao amin'ny Tononkira faha-7 fa:
"Alatsaka ao anatin'ny oram-baratra ny vatofantsika
Mba tsy hahasafotra ny rano;
Izaho no vatofantsikan'ny olon-kendry
Eo anivon'ny loza be mitatao". (14)






Hatao ahoana ary izany ny hamelona ny fanantenantsika, izany hoe amin’ny fomba manao ahoana ny fanamafisana ny finoantsika? Tiako ny hitantara amin’ireo trangam-javatra iray mifandray amin’ny Mpanorina antsika, Masindahy Louis Marie avy any Montfort. Tamin’ny 1712 dia nanan-kevitra hamonjy “Nosy kely Yeu” I Montfort sy ireo namany misionera. Nisy niteny azy ireo anefa tsy handeha ho any satria misy dahalon-dranomasina maro. Saingy ho voninahitr’Andriamanitra sy ho famonjena fanahy maro dia tsy nangina sy tsy nijanona fotsiny amin’izao I Montfort. Naminavina izy fa tokony mandeha mamita iraka paroasialy ary amin’ilay nosy kely izay tsy nisy mpandeha intsony raha resaka finoana io, satria tsy misy misionera sahy mandeha any. Nanome toky ny namany sy ireo mpitondra fitaovam-piadiana noho izany I Montfort fa hizotra tsy misy ahiana ny dia izay hatao. Indro anefa fa sahala amin’ny nitranga sy niainan’ireo mpianatra tao amin’ny Evanjely milaza ny tafiotra voatony ny zavatra miseho: nisy tafio-drivotra, ary tsy izany irery, fa nanamorona ireo sambo fahavalon’ ny sambo izay niondranan’I Montfort ny onjan-drano. Natahotra avokoa ny rehetra satria efa akaiky ny loza. Araka izany dia nitsangana I Montfort sady nandray ny sapileny, ary koa nanasa ny mpandeha rehetra hanao ny sapile. Nankato avokoa ny rehetra. Vao maika anefa nihahenjana ny zava-nisy satria raha tokony nanalavitra ny sambo fahavalo dia lasa nanatona akaiky, na dia teo aza ny vavaka sapile.

> **“” Montfort sady nandray ny sapileny, ary koa nanasa ny mpandeha rehetra hanao ny sapile.**




ÎLE DE NOIRMOUTIER
Fromentine
Beauvoir-
-sur-Mer
Rocheservière
Challans
Legé
Palluau
le Poiré-
-sur-Vie
St-Jean-
-de-Monts
Aizenay
l'Île-d'Yeu
St-Hilaire-de-Riez
ÎLE D'YEU
LA ROCHE-
-SUR-YON
St-Gilles-
-Croix-de-Vie
la Mothe-
-Achard
D160
Olonne-sur-Mer
Moutiers-



Hoy Montfort nikiry: “Tohizo ny vavaka sapilentsika, fa hihodina ny lalan’ny rivotra ary horoahin’ny rivotra ny sambon’izy ireo”. Tao anatin’ny endrika feno fahadisoam-panantenana sy feno hatezerana no manao vavaka sapile ireo mpandeha, misy ireo nimenomenona mangina. Fa I Montfort kosa; Izy dia nanohy ny sapile amin’ity toe-javatra feno loza ity. Hafahafa sady mahagaga! Tampoka teo dia nihodina ny lalan’ny rivotra. Ilay sambo fahavalo kosa voatery nanalavitra ny sambokely niondranandr’I Montfort tao anatin’ny fitoniana sy fahatokisana. Vokatr’izany dia nanao vavaka tamin-kafanam-po sy hafaliana lehibe ny rehetra. Nony farany dia tonga tamim-pilaminana tanteraka tao amin’ny Nosy kely Yeu izy ireo sy nanatontosa ny asa misionera izay mbola iainan’ny vahoakan’ny Nosy kely ankehitriny ireo vokatra tamin’izany.



**Montfort_EurHope20**. Ny fanantenana, izany no vatofantsika! Ivelomy izy amim-bavaka ary indrindra amin’ny vavaka sapile. Raha toy izany no izy dia afaka miara-mihira amin’I Montfort ny Tononkira laharana faha-7 izay nosoratany isika: “Hanantena aho amin’ny androm-piainako rehetra ka tsy hisy loza hahazo ahy na oviana na oviana”. ■



*“” Ny fanantenana, izany no vatofantsika! Ivelomy izy amim-bavaka ary indrindra amin’ny vavaka sapile.*

Partage

# Ny atao hoe karisma na fanomezam-pahasoavana, Ny piramidan'ny karisma montfortanina

par Marcel Chapeleau, *freran'ny St Gabriel*




**Ny fanomezam-pahasoavan'i Montfort, harena ho an'izao vaninandro izao.**

Nandritra ny famelabelaran-kevitra montfortanina tany Angers, ny 2 sy 3 jiona 2016, dia tsaroako fa naheno an'i Pierre Coda avy ao amin'ny « Institut universitaire Sophia » ao Loppiano, Florence, aho niteny hoe:

> « Tsy miahotra aho manamafy fa « Aban'ny Fiangonana » amin'izao vaninandro iainantsika izao i Louis-Marie avy any Montfort. Eo anivon'ny fivoarana izay anatin'ny fotoan-tsarotra tokoa ankehitriny, dia manambara anefa izy, amin'ny endrika faminaniana, vanim-potoana vaovao ho an'ny fiainana sy ny misionan'ireo Vahoakan'Andriamanitra. (…) Tsy anisan'ny trangan'ny lasa ny fanomezam-pahasoavan'i Montfort… Fa harena sarobidy ho an'ny anio'ny Fiangonana anefa izy raha dinihina… »

Momba ity faminanian'i Montfort ity dia nilaza mihintsy i Joany Paoly II hoe :

> « Noho i masindahy Louis-Marie avy any Montfort dia mazava amiko fa ny tena fitiavana amam-panajana marina ny Renin'Andriamanitra dia tena mitodika sy mitondra marina mankao amin'i Kristy, miorim-paka lalina ao amin'ny misterin'ny trinite masina sy ao amin'ny Fahatongavana ho Nofo ary ny Fanavotana » (« Mandrosoa ao amin'ny fanantenana »).

**Amin'ny fomba manao ahoana moa no hamaritana sy hamintinana ny fanomezam-pahasoavana maro lafy nananan'i Montfort ? Na koa ahoana no hilazana ireo mari-drefin'ny fanomezam-pahasoavany momba ny « Fahendrena » ?**

Ao amin'i Montfort, ny « Fahendrena » dia fangataka, fitady, fahita, fahazo, fankahafantatra, fananana ary ho tiavina. Ny tsirairay amin'ireo teny ireo dia manana ny hanitrany, ny lanjany, ny fahalebeazany manan-danja.

Miverina matetika amin'ny fitiavana ny « Fahendrena » i Montfort, mampiseho izany fa niaina andrana ara-panahy lalina izy. Izay rehetra soratany dia avy amin'ny andram-piainany fa tsy avy amin'ireo boky novakiany sy ireo fandinihan-tenany ihany. Ny Fahendrena, tokony hotiavintsika izy ary tokony ho fantantsika.

Efa hatrany amin'ny seminera izy no nanandrana, nandalina ary nitia ny Tenin'Andriamanitra. Ho azy, ny « Fahendrena » dia i Jesoa mihintsy, ny teniny mihintsy. Ampifandraisiny amin'ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly mandrakariva izay asasorany, singanina manokana ny bokin'ny Fahendrena.

Ary raha tsy hanonona fotsiny ny lohatenin'ny Taratasy nosoratany ho an'ireo « Amis de la Croix », dia hitako fa mifototra tokoa amin'ny fitiavan'Andriamanitra ny olombelona sy ireo fomba fanao ho amin'ny fahalavorariana kristianina izy.

Anisan'ireo tenin'i Jesoa izay fakafakainy bebe kokoa ny hoe : « Raha misy te hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Ahy » (Mt 16, 24 ; Lk 9, 23). Ary ampifandraisiny amin'ny tanjom-piainana kristianina izany teny izany.

Nandritra ny fotoana naharitra no nieritreretako izay fomba ahafahako maneho ny dingam-pivoaran'ny aim-panahiny sy ny fanomezam-pahasoavany araka ireo teboka manan-danja indrindra. Dia izao no sarintsary nataoko, raha toa ka raisina hoe tsindrian'i Montfort mafy koa ireo fomba isan-karazany ahazoana ny Fahendrena, singanina manokana ny fitiavana sy fanajana an'i Maria. Rehefa fantantsika ny maha manan-danja ny « bhakti » (ny fanajana) any amin'ireo « Hindous », dia afaka mihevitra isika fa ny aim-panahy dia manam-paka lalina ao amin'ny olona tsirairay mba ho fahadiovan'ny tenany ihany sy ny asa fanompoana ny mpiara-belona. Ampifandraisiko amin'ireo singa fototra 6 amin'ny karisma momba ny Fahendrena ho an'i Montfort ny tsirairay amin'ireo haavo 6 hita amin'ny piramida mitovy amin'ny any Maurice, Sicile na Ténérif, toerana telo izay ahitàna piramida maka ity endrika manaraka ity.



**Ny karisma montfortanina maro lafy voasoritra sy voafaritra**.

Aoka isika hijery ny iray amin'ireo piramida fito ao amin'ny Nosy Maurice izay hita eto amin'ny sary. Ny piramida manontolo miaraka amin'ny tohatra dia manome famaritana sy fanehoana ny karisma montfortanina avy hatrany. Ny tohatra izay hitantsika io dia eo amin'ny lafiny avaratra, ary ery lavitra ery dia tazantsika ny Ranomasimbe Indianina izay eo amin'ny lafiny atsimo. Afaka manome famaritana isika, miantomboka eo amin'ny haavo ambany indrindra, amin'ny tsirairay amin'ireo haavo ireo. Amin'izay dia hohitantsika ireo singa 6 ao amin'ny karisman'i Montfort araka ny filaharany mankany amin'ny ambony indrindra. Ary tohatra no ahatongavantsika any amin'ny toerana avo indrindra.



Avy aty ambany mankany ambonin'ny piramida no hamakiantsika azy, voalohany hatramin'ny faha-6:

**6. Fanatonana ireo mahantra, ireo izay ataon'izao tontolo izao ankilabao**

**5. Fanabeazana sy fampitàna ny Vaovao Mahafaly**

**4. Fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria**

**3. Ny Fahendrena nofantsihana; ho sakaizan'ny hazofijaliana**

**2. Fahatongavan'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria**

**1. Fitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao ao amin'ny misterin'ny Fahatongavana ho Nofo, ny Fanavotana sy ny Fitsanganan-ko velona.**



**“ANDRIAMANITRA IRERY” no hiantsoako ilay tohatra mitondra any amin’ny fara-tampon’ny piramida. Izay mantsy no teny filamatra nananan’i Montfort, ary ny piramida ho ahy dia piramidan’ny “FAHENDRENA”,** teny izay manome ny akony manontolo, ny heriny, ny tanjon’ny karisma niainan’i Montfort. Ny fitadiavana sy ny fahafantarana ary ny fitiavana ny FAHENDRENA mantsy no manome ny FITSIPIKA ahalalàna ny fiainany, ny idealiny, ny aim-panahiny sy ireo singa mamaritra ny fanomezam-pahasoavana nananany.

Maro ireo boky momba an’i Montfort no toa mitondra fanehoan-kevitra mifanaraka amin’ny haavo tsirairay, singanina manokana ny « Dictionnaire de la Spiritualité montfortaine » (Novalis, 1994). Kanefa, ary soa ihany aza, afaka mahazo izany maimaim-poana isika amin’ny tamba-zotra (pdf). Ary ambarako anareo fa tsy tafavoaka mihintsy aho rehefa mamaky ny andininy sasantsasany ao amin’ny « Fitiavana ny Fahendrena mandrakizay » izay tena mahery tokony ny teniny : n°82 sy 83 ; toy ny nilatsahan-tsabatra mihintsy aho. Ary tsy mitady fialàn-tsiny aho raha miteny fa « endrika efa nilaozan’ny toetr’andro » ny azy.

Mahakasika ny haavo faha-6 dia tena manan-danja izy. Misy ankohonam-piainan'ny Frera St Gabriel vitsivitsy maneran-tany no manolo-tena manompo ireo tanora izay mila fanampiana manokana, na any an-tanàn-dehibe izany na any ambanivohitra na any amin'ireny tanàna kely lavitra ny tanàn-dehibe ireny. Misy ireo toeram-pianarana natokana ho an'ireo sembana momba ny taovam-pandrenesena. Any Frantsa dia nandray ho andraikitra ireo toeram-panabeazana ho an'ny jamba sy marenina izahay, raha tsy hilaza ny any Marseille, Bordeaux, Nantes sy Poitiers. Toy izany koa ny any Colombie, Zaïre sy Inde. Ary tamin'ny aloha tany dia nanana trano fitaizana ireo zaza kamboty izahay na trano nandraisana ireo ankizy avy lavitra tany amin'ny firenena maro : Canada, Italie, France, Suisse, Maurice, Brésil ; amin'izao fotoana izao dia mbola misy any Inde, Malaisie, Singapour ary Papouasie Nouvelle-Guinée.



*Hitantsika eto ireo ankizy mpianatra amin'ny ambaratonga voalohany avy amin'ny tanàna kely misintaka ny tanànan'i Tamil Nadu (Inde).*

Finaritra isika amin'ny fahazavan'ny planeta roa, Jupiter sy Vénus, raha mamiratra amin'ny heriny mazava indrindra iny. Ao amin'ireo fitambaran-javatra mifandray amin'ny masoandro dia tsy ireo planeta no loharanom-pahazavany, fa ny masoandro no hazavana mampamiratra azy. Mila planina lehibe isika, fitaratra izay mampiseho tsirairay ireo endrika avy amin'izay mitondra mankany amin'ny mahasoa ny olombelona. Ny sarobidy indrindra dia ao amin'ny loharano masina, toy izany koa ny ao amin'ny ireo fitambaran-javatra mifandray amin'ny masoandro, ny Masoandro no loharanom-pahazavana. Montfort koa dia toy ny fitaratra izay mandray sy mamerina antsika any amin'ny fahazavan'ny Evanjely. Aoka isika tsy hanafangaro ny fitaratra sy ny fahazavana. Iriako ny HAMARITRA NY KARISMA na FANOMEZAM-PAHASOAVANA amin'ny fomba tsotra mba hilazana ny maha izy azy.

Ny karisma dia fanomezana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra, TENIN'Andriamanitra iray ampitaina amin'izao tontolo izao. Amin'izay dia voaseho amin'ny soritra goavana ny lanjan'ny halebeany tsirairay izay hitan'ny kristianina ao anatin'ny Evanjely amin'ny firosoana mankany amin'ny fiovàna. Ary ny TENY tsirairay dia "fanahy" sy "fiainana", izany hoe fahazavana ho an'ny fahalalàna, hery ho an'ny fo ary ampiharina amin'ny asam-piainana.

Ireo rehetra mpanorina ny fikambanana isan-tsokajiny sy ireo hetsika misy dia naka ny aingam-panahiny avy tamin'ny Evanjely avokoa. Nandray ny fanomezana avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra izy ireny. Ny olombelona rehetra dia nandray fanomezana maimaim-poana maro isaky ny finoany avy. Misy ireo olon-kendry, ireo olomasina lahy sy vavy ao amin'ny finoana tsirairay, ireo olona mendrika hohajaina ary hajain'ny vahoaka. Isaky ny vanim-potoana dia fanomezam-pahasoavana maro no azon'izao tontolo izao fa tsy voatery ny Katolika ihany. Jereontsika ohatra i Gandhi sy Martin Luther King fa tsy hoe i François, Ignace, Don Bosco na Chiara Lubich ihany.

Ny zaridainam-boninkazo dia fitambaran'ny voninkazo maromaro. Ny voninkazo tsirairay dia manana ny fahasamihafany; ary ny hatsaràn'ny tsirairay dia "ilaina" ho an'ny fitambarany. Nandritra ny fihaonan'ny fianakaviana karismatika tany Roma tamin'ny volana novambra 2017 dia nanambara i Fabio Ciardi, o.m.i., hoe : « Aza manantena ny hametra indray mandeha ny karisma izay, tahaka ny Fanahy izay nanome azy, miala amin'ny famaritana ny maha izy azy sy mitoetra mavitrika ».



Mahazo tsara ny fanomezam-pahasoavana nananan'i Montfort isika amin'ny alàlan'ny famakivakiana ny tantaran'ny misiona sy ny fanabeazana any amin'ireo Montfortanina, amin'ny alàlan'ny fandinihana ireo asasoratra sy fijoroana ho vavolombelona any amin'ireo firenena am-polony maro ataon'ireo Lahika Montfortanina, ireo Misionera Montfortanina, ireo Zanakavavin'ny Fahendrena ary ireo Freran'ny St-Gabriel. Amin'ny alàlan'ny fijerena ny làlana nandalovan'ny fianakaviana montfortanina no azahoana ny fanomezam-pahasoavana. Any amin'ny firenena maro, ny fiaraha-miasa eo amin'ny relijiozy sy ny lahika dia ahatsapana fahavitrihana vaovao, indrindra hatramin'ny taona 1997 niaraka tamin'i F. Jean Friant. Ny "Chapitre général" tamin'ny taona 2012 dia nitodika manokana tamin'io lohahevitra io mba hanomezana azy ainga vao indray.

"" Amin'ny alàlan'ny fijerena ny làlana nandalovan'ny fianakaviana montfortanina no azahoana ny fanomezam-pahasoavana.

Resa-pianakaviana manan-danja lehibe tokoa izy ity. Nanomboka tamin'ny taona 1988 dia efa nanome sahady fijery "idealy" ilay taratasy nosoratan'i Joany Paoly II "Christi fideles laici" (N°55-63), izay naniry hanamafy ny fiaraha-miasa teo amin'ireo relijiozy lahy sy vavy, ireo pretra sy lahika ao anatin'ny fifampizarana sy fiainana ny fanomezam-pahasoavan'ireo fianakaviana relijiozy mba ho Fiangonan'ny fiombonana. Ny tsirairay dia mamaly ny fiantsoan'Andriamanitra miantefa aminy ao anatin'ny faharetana izay mitondra zava-baovao. Ireo fihaonana momba ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo lahika dia manana famaritana anisan'ireto manaraka ireto izay mitari-dàlana azy : ny aim-panahy, ireo asa fanompoana na fiombonana ao amin'ireo toerana iasana na miaraka amin'ny toerana na firenena hafa.



Mpanorina ara-panahy ny fikambanan'ny Freran'ny St Gabriel i Montfort, ary i Gabriel Deshayes (1767-1841) kosa no nanome azy ireo ainga vaovao tamin'ny nametrahany tamin'ny fomba ofisialy ny fikambanana hiantsehatra amin'ny fanabeazana. Ary marihina koa fa i Deshayes no nanao izay hanekena ny fisian'ny Fikambanana tamin'ny alàlan'ny didy nivoaka avy any Paris ny 17 septambra 1823. Izany didy nivoaka izany dia namantatra anay tamin'ny anarana hoe « Frères de l'instruction chrétienne du St-Esprit ».
Mahafinaritra ahy ny mamerina ity teny nataon'i Gabriel Deshayes ity tamin'ny masera avy ao amin'ny Fikambanana Zanakavavin'ny Fahendrena ity tao St Laurent: « Masera o, amin'ny fampitomboana ny isan'ireo Frera dia mananteraka ihany ireo fikasàn'i Montfort Mendri-kajaina aho ». (cf. Louis Bauvineau, in « Histoire des F. de St-G., p.26. Ed. 1994, Rome)
Ary mahafinaritra raha toa ka miresaka bebe kokoa ny toe-java-misy momba ny fanomezam-pahasoavana isika ankehitriny. Niaina fientanana vaovao ny karisma montfortanina tamin'ny fametrahana ireo Frera, noho i Gabriel Deshayes. Ary izany dia mifandray miaraka amin'ilay antsoina hoe "faharetana izay mitondra zava-baovao". Na dia tsy mahita izay teny lavorary indrindra hilazana izay tena anjara asan'i Gabriel Deshayes aza isika, inona moa no antony tsy hanomezana azy ny laharam-boninahitra hoe "mpanorina faharoa" ny fikambanan'ireo Freran'ny St-Gabriel ? Ary izany dia hoentina amin'ny hevitra hoe : izy no ilay "nampivoatra" ny karisma tao amin'ny fikambanana, ny karisman'ny fototra niaviana, ny karisman'ny fikambanana voalohany amin'ny fanomezana azy ainga vaovao. I F. Louis Bauvineau dia mampiasa ilay teny hoe "mpanorina fanindroany "ao amin'ny boky nosoratany: « Histoire des Frères de Saint-Gabriel ». Ary i F. Jean Friant (lehibem-pikambanana maneran-tany tany aloha) dia tia miteny hoe: **"Tsy Montfort raha tsy Deshayes, tsy Deshayes raha tsy Montfort".**

Deshayes dia vato fototra tao amin'ny sehatry ny sekoly madinika sy ireo toeram-panabeazana ireny sembana ara-pihainoana sy manana olana amin'ny fahitàna ireny. Ary momba ny fitondrana dia nanomana an'ireo Frera Augustin sy Siméon izy mba hitantana ny Fikambanana. Tamin'ny taona 1842, volana vitsivitsy taorian'ny nahafatesan'i Gabriel Deshayes, dia an-jatony ireo frera no nifidy an'i F. Augustin ho lehibem-pikambanana voalohany. Nahaleo-tena izy ireo nanomboka teo.

Rehefa mandeha lavitra aho na mahita ireo olona avy amin'ny firenen-kafa, ka miteny aho hoe freran'ny St-Gabriel, montfortanina, dia toy ny kintana manjelatra ny ifandraisana amin'i Montfort. Velona tokoa ny karisma montfortanina. An'ny olombelona rehetra izy sahala amin'ireo kintana maro manjelatra izay mampahatsiahy antsika ny maha-zava-dehibe ny fiainana miainga avy amin'ny fiombonana sy ny fitiavana ny mpiara-belona. Ary na rehefa maka tahaka an'i Joany Paoly II aza isika izay naka ny teny filamatra hoe "Totus tuus" avy amin'i Montfort, dia teny nindramin'i Montfort tamin'i masindahy Bonaventure izy io raha ny marina; mampiseho tokoa izany ny maha-zava-dehibe ny mitoetra ao amin'ny toe-tsaina tia mizara sy miombona raha mijery ireny karisma ireny isika. Ireny fanomezam-pahasoavana ireny dia manana toetra mitselatra izay manakana ny hanidiana azy any amin'ny toerana fitehirizam-bakoka.






Ny lehibem-pikambanan'ny Pretra sy Frera Montfortanina ny "Compagnie de Marie" dia nandefa taratasy tamin'ny fikambanana rehetra eo ambany fifehezany tamin'ny 14 novambra 2019 izay nanome anjara fitenenana an'ireo misionera miisa folo avy amin'ny kontinanta samihafa. Nankahery tokoa ny fijoroana ho vavolombelona nataon'izy ireo : miasa tokoa ny Fanahy Masina amin'ny toerana rehetra. Samy mila ny Fanahin'Andriamanitra izay nanainga an'i Montfort avokoa ny tsirairay any amin'ny ankohonam-piainana misy azy avy ary i Montfort dia niteny matetika tamintsika hoe: « Matokia ny Fitantanan'Andriamanitra ».



Tao amin'ilay taratasy voalazako teo dia hoy ity misionera iray avy any Malawi: « Ny ekipa pastoraly sy ny tenako dia manomboka vao maraina foana ary mandeha an-tongotra izahay mitety ireo trano tsirairay. Tamin'ny faritra iray izay, raha vita ny fitetezam-baravarana nataonay dia nahazo tokantrano 28 izay nanao mariazy tany am-piangonana izahay ary olona miisa 16 no niverina tamin'ny toe-piainana sakramentaly (…) Nandritra ny fiainany manontolo dia asa-lohan'i Montfort tokoa ny momba ny tsy fiainana loatra ny finoana tao amin'ny Fiangonana amin'ny ankapobeny. Ary vokatr'izany dia niaina lavitra ny fahalavorariana izay nirian'i Jesoa ny kristianina, ilay Fahendrena tonga Nofo izay tonga nanorina ny fifandraisana miaraka amin'ny olombelona noho ny fitiavana. Noho izany dia nirian'i Montfort mba ho fanapahan-kevitra matotra sy tompon'andraikitra ary samirery ny finoana».



Ho an'ireo Zanakavavin'ny Fahendrena kosa, ny karisma montfortanina dia sahala amin'ny fomba hiainana ny Evanjely eo am-panarahan-dia an'i Montfort sy ny olontsambatra Marie-Louise Trichet. Nanome anarana sy fitsipi-pifehezana an'ireo Zanakavavin'ny Fahendrena i Montfort tamin'ny taona 1715. Ny Masera voalohany, izay niara-nanorina taminy ny fikambanana dia i Marie-Louise Trichet. Ary tamin'ny taona 1720, tao Saint-Laurent, izy no nanorina ilay nanjary "maison-mère" taty aoriana. Ankehitriny, ireo Zanakavavin'ny Fahendrena dia miaina ihany koa ny fanomezam-pahasoavany manokana amin'ny fitohizana ihany ny maha mpianatr'i Montfort azy sy amin'ny fiahiana ireo « ataon'izao tontolo izao ankilabao ». Efa maherin'ny roapolo ny firenena hikatrohan'izy ireo. ■

# « Any amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria! »

Par Fanny & Fanja



**Andraisoro, Antananarivo, MADAGASCAR** - « Injay fa miantso ahy, ilay feon'ny Fitiavana, nanohina ny fiainako ka tsy azoko andosirana… ».

Izany no antsa nanombohana ny Sorona Masina tamin'ny alahady 08 marsa 2020 tao amin'ny Lasapelin'ny ankohonam-piainan'ny pretra montfortanina tao Andraisoro. Nahatsapana fientanan-kafaliana teo anivon'ireo mpikamban'ny « Association Marie Reine des Cœurs ». Efa ho iray volana sy tapany teo tokoa mantsy, araka ny fampianaran'i Mompera Louis-Marie avy any Montfort, no nanaraka ireo fanazarana ara-panahy sy ny fiomanam-panahy, izay nomanin'i Frera Michel mpiandraikitra anay, hirosoana amin'ny fanavaozana ny Fanokanan-tena nataonay izahay. Nihaona isaky ny faran'ny herinandro izahay mba hifampizara izay niainana nandritra ny herinandro ary fivahinianana masina no namaranana izany. Tany amin'ny Sanctuaire Olontsambatra Frera Raphael Louis Rafiringa (Soavimbahoaka) no natao izany ary efa fanaonay AMRC eto Antananarivo (Andraisoro sy Antsobolo) isan-taona nanomboka tamin'ny taona 2017 ny fivahinianana masina toy izao. Araka izany ary, tamin'ity alahady faharoa amin'ny karemy ity dia folo mianadahy izahay no nanavao ny fanokanan-tenanay, dimy no nanao ny dingana faharoa hirosoana ho amin'ny fanokanan-tena ary iray no noraisina tamin'ny fomba ofisialy ho mpikambana ato amin'ny AMRC.

Nitarika ny Sorona Masina tamin'izany i Mompera RANDRIANASOLO Kiki Bruno, Lehiben'ny Fikambanana Montfortanina. Nisy ireo relijiozy montfortanina niombom-bavaka ary maro koa ny fianakavian'ny mpikambana no tonga nanatrika ary nandray anjara tamin'ny litorjia mihintsy aza. Araka ny lohahevitra nomen'ny Fiangonana tamin'io moa, « Voaantso ho an'ny fanantenana isika », dia notsindrian'i P. Bruno nandritra ny toriteny nataony ny tena hevitry ny batemy izay noraisintsika sy ny fomba hiainana azy amin'ny alàlan'ny fanaovana ny fanokanan-tena. « Voaantso ho tonga vavolombelona velon'ny Evanjely isika ary indrindra tokony hifaly amin'ny izay anjarantsika (toerana maha lahika, relijozy, pretra). Ary ianareo lahika mihitsy aza no manana tombony amin'ny fomba fitoriana ny Fanjakan'i Jesoa satria miaina eo anivon'ny fiaraha-monina, indrindra ny fanànana an'i Maria Virjiny ho mpiara-miombona. Manome ireo fomba hiomanana hirosoana mankany amin'ny Paka miaraka amin'i Maria ihany koa ny fanavaozana ny fanokanan-tena natao, ary tokony hampifanarahana tsara amin'ireo hafatry ny Fiangonana ».

Ary farany amin'ny maha-andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny vehivavy ny 08 mars dia nanamarika i P. Bruno fa « ao amin'ny asa pastoraly dia mbola sarotra ho an'ny vehivavy ny mitoetra satria matetika miteraka olana eo anivon'ny fiainan-tokantranony ny fanompoana ny Fiangonana ;



indrindra moa raha toa ka tsy mba anaty fikambanana masina na misehatra eo amin'ny asa pastoraly ny rangahy vadiny. Koa na dia mafy sy mideza aza ny làlana, mahareta amin'ny asa fanompoana ary apetraho eo an-tànan'i Maria ny rehetra ». Tao aorian'ny Sorona Masina kosa, mba hanamarihana ny fankalazana, dia niara-niala hetaheta ny mpianakavy (relijiozy sy lahika) tamin'ny alàlan'ny « sakafo maivana mifanaraka amin'ny vanin'andro ». Isaorana Andriamanitra Irery fa tontosa soa aman-tsara ny Fankalazàna! Isaorana sy ankasitrahana i P. Bruno amin'ireo rehetra nataony, ireo Frera: Michel sy Victor tamin'ny fampiofanana sy laretirety, i P. Adolphe sy Frera Gérald tamin'ny fiarahana tany amin'ny fivahinianana Masina, ireo fianakaviana rehetra tamin'ny fanotronana ka vavolombelon'ny finoanay! Ary ho an'ny mpikambana AMRC: hiara-hiroso ho any amin'ny Fanjakan'ny lanitra miaraka amin'i Maria isika!
Ho an'ny vehivavy mpikambana rehetra ao amin'ny AMRC: arahabaina ry ilay feno hasoavana!
Ankino amin'i Maria ny zava-drehetra ary mazotoa manao ny Raozery!
« Anao manontolo aho ry Maria, eny anao, anao ny tenako… » . Antsa fanirahana.
Mirary firosoana masina mankany amin'ny Paka miaraka amin'i Maria!
Andriamanitra Irery !■

# LAMESA FISAORANA AN'ANDRIAMANITRA AMIN'ILAY "LAKROA EO AMORON-DALANA"

Miaraka amin'I Philip Arockiaraj



**Megamalai, Tamilnadu, INDE** - Nanao lamesa fisaorana an'Andriamanitra amin'ilay "Lakroa eo amoron-dalana" ("Roadis Cross") tany Megamalai izahay ny 26 Janoary lasa teo. Ankoatra ahy izay toy ny Pretra Tompom-paritany eto an-toerana, dia teo ihany koa I Mompera Jesu Doss izay vao avy nohamasinana ho pretra sy i Mompera Nashwin (Mpitantsoratra ny farim-piadidiana Indiana).



Antsoina hoe "Siluvai Cruz" io toerana masina io, izay midika hoe "lakroa izay natsatoka eo amoron-dalana", tao amin'ny ala dia an'ny Megamalai. Mba hahazoana ny fiarovana maherin'ny Tompo Jesoa amin'ireo fanenjehan'ireo bibidia sy ireo olona ratsy eritreritra amin'ireo olona mandalo amin'io lalana io no tanjon'io fanatsatohana azy io. Ny fisian'ity Lakroa ity dia mikendry sy mampatsiahy antsika ihany koa ny fitiavan'I Montfort ny Lakroa.

Nanomboka ny fanajana io Lakora io rehefa tonga teto aho satria nisy vavolombelona maro miaina sy mahatsapa ny fiarovana sy fisian'I Jesoa amin'io toerana masina io.

Mazàna miafara hatrany amin'ny fiaraha-misakafo lehibe ny fankalazàna isan-taona ataonay eto. Tamin'ity indray mitoraka ity izao dia manodidina ny telojanto isa ny olona nanotrona ny fankalazàna ary manakaiky ny arivo isa kosa no nanotrona ny fiaraha-misakafo. Izay ary! Homba antsika amin'ny diantsika tsirairay avy anie I Jesoa Tompo. ■

# Cantique 18

# NY ANTSOANTSON'NY MAHATRA

14e cantique - 11 couplets



1.
Ry mpanankarena , mifohaza ianareo
amin'ny kiakan-pijalianay,
He! mba vonjeo re izahay ,
Fadiranovana anie izahay ,
Kristianina avokoa anie izahay ,
Rahalahinareo avokoa anie izahay ,
Ampio amin'ny fananareo izahay
Henoy ny tarainanay.

2.
Tsy nataon'Andriamanitra lehibe ianareo
Raha tsy ho mpiahy anay,
Nataon'Andriamanitra mahery ianareo
Mba hanampy anay anatiny'ny fahantranay.
Ianareo miliba
foana anatin'ny fanananareo,
Ary manadino anay
Anatin'ny fahorianay.

3.
Ianareo tsara fitafy
Mandry fehizay ambony lamba jaka
Izahay anefa mila hitanjaka
Lany ny hanoanana .
Ny rehetra toa manasoa anareo
manaja anareo ary maka anareo ,
Ny anay toa manozona avokoa
mampijaly , manadroadro anay

4.
Tsy omena n'inona n'inona izahay
na koa hitsoahina aza ,
Lazaina fa hasoavina,
Nefa enjehina izahay,
Roahina izahay ary raisina izahay ,
Rohizana fatorana izahay ,
Na dia harovana aza
Mba hanamarihana ny fijalianay

5.
Hoy ny mpanankarena aminay :
Tena mahantra loatra aho
Ary manozona anay ilay lehibe ,
nandray anay ho tena ratsy.
Ah ! Ry kamo velona!
Ah ! Ry taranan-doza!
Izay no lazain'ny hafa antsika
miaraka amin'ny vahoaka

6.
Andriamanitra lehibe , vonjeo izahay
Amin'ny zava -manjo anay izao.
Inona!  Dia hanadino anay ihany koa ianareo,
Sahala amin'ny ataon'ny olona?
Jereo avy eny an-danitra izahay ,
Ianao izay Rainay,
Mba topazo maso re izahay
mandrapahafatinay.



7. ANDRIAMANITRA
O ry mahantra am-po ,
Reko ny tolokonao,
Tsapako ny hirifirinao,
Efa niainako ireny ,
Mahareta vetivety,
Dia ho hitanao ny hatezerako ,
Lehibe Aho , Andriamanitra aho,
Fa Rainao Aho.

8.
Ianareo no zokiko,
Tena namako tsy foy ,
Malalako efa voalahatra ,
Tempoliko mahafinatra.
Ny ratsy atao aminao rehetra
Amiko no hanaovana azy .
Raha omena fahafahan-po ianareo
Vavolombelona fa tiana Aho.

**“” Andriamanitra lehibe , vonjeo izahay**
**Amin'ny zava -manjo anay izao.**



8a.
Te hampifaly Ahy ianareo
Mijaly am-paharetana,
Manomboha miasa ,
Tazomy ny tsy fanananao tsiny;
Aza mimonomonona,
Na toy inona ny ratsy atao aminareo
Tano mafy ao aminao ny fiadanana
Mba hitehirizanao ny fahasoavako

9 . NY MAHANTRA
Ry mpanankarena , izay nanao tsara
Nanao asa fiatrana taminay ,
Na ny zoron-trano nomena anay
Raiso ny seza fiandrianana kanto,
Ho an'ireo fitafy efa niasa sasany
Indro ny satro-boninahitra lafo,
ary ny paradisa rehetra
Ho an'ny rano kely nomena anay !

10.
Hanaovy asa soa maromaro izahay,
Ary aza kahihitra ,
Fa io no fomba
mba ho mpanankarena hatrany.
Ny Tompo no manome toky
Tombony  mahagaga avo zato heny
ho an'ny izay namana
ireo mahantra fadiranovana.

11.
Ny asa fiatrana mambabo an'Andriamanitra
Mahatonga azy ho mora mandray,
Ny asa fiatrana mamono ny afo
ny fitsarany ;
Manome ho an'ny mpanota
Ny fanantenana feno
Fa manana Mpamonjy
izay lanja ho an'ny voninahitra lehibe .
ANDRIAMANITRA IRERY ■

**MISSIONNAIRES MONTFORTAINS**
Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908
Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE
http://www.montfortian.info/amqah/ ; E-mail: rcordium@gmail.com



MARIA REGINA CORDIUM
RMC